United Nations S/RES/1325 (2000)

Security Council

Distr.: General
31 Oktobra 2000

Fanapahan-kevitra laharana 1325 (2000)

Noraisin'ny Filan-kevitry ny Fiarovana nandritra ny fivoriany faha-4213, ny 31 Oktobra 2000

Ny Filan-kevitry ny Fiarovana,

Mahatsiahy ireo fanapahan-keviny laharana faha-1261 (1999) tamin'ny 25 Aogositra 1999, laharana faha-1265 (1999) tamin'ny 17 Septambra 1999, laharana faha-1296 (2000) tamin'ny taona 19 Aprily 2000 ary laharana faha-1314 (2000) tamin'ny 11 Aogositra 2000, mahatsiahy koa ireo fanambarana mifanaraka amin'izany nataon'ny Filohany; *mahatsiahy ihany koa* ny fanambarana nataon'ny Filohany nanoloana ny mpanao gazety nandritra ny Andron'ny Firenena Mikambana ho an'ny Zon'ny Vehivavy sy ny Fandriam-pahalemana Iraisam-pirenena (na ny Andro Iraisam-pirenena ho an'ny Vehivavy) ny 8 Martsa 2000 (SC/6816),

Mahatsiahy ihany koa ireo fampanantenana voarakitra ao amin'ny Fanambarana tany Pékin sy ny Sehatra ho Famitana Asa (A/52/231) ary izay voarakitra ao amin'ireo antontan-taratasy novokarin'ny Fivoriam-be Manokana faha-telo amby roapolon'ny Fivoriam-ben'ny Firnena Mikambana, nitondra ny lohateny hoe "Vehivavin'ny taona 2000: fitovian'ny lahy sy ny vavy, fandrosoana ary fitoviana ho an'ny taon-jato faha-iraika amby roapolo" (A/S-23/10/Rev.1), indrindra ireo mahakasika ny vehivavy sy ny disadisa mitam-piadiana,

Tsy manadino ireo tanjona sy foto-kevitra voarakitra ao amin'ny Satan'ny Firenena Mikambana sy ireo andraikitra voalohany iantsorohan'ny Filan-kevitry ny Fiarovana araka ny voalazan'izany Sata izany mba ho fitandroana ny fandriam-pahalemana sy ny fiarovana iraisam-pirenena,

Maneho ny ahiahiny fandrao mponina sivily, indrindra ny vehivavy sy ny ankizy, no tena ho maro an'isa amin'ireo hiharan'ny voka-dratsin'ny disadisa mitam-piadiana, anisan'izany ireo lasa mitsoa-ponenana ao anatin'ny firenena na hatrany ivelany, ary hihamaro amin'izy ireo no hokendrena manokan'ireo mpiady sy mpitolona mitam-basy; ary *manaiky fa* misy fiantraikany maharitra izany eo amin'ny faharetan'ny fandriam-pahalemana sy ny fampihavanana,

Manamafy indray ny andraikitra manan-danja ananan'ny vehivavy amin'ny fisorohana sy fandravonana disadisa sy fanamafisana orina ny fandriam-pahalemana, ary *manindry* ny maha-zava-dehibe ny fandraisana anjara mitovy sy feno ataon'izy ireo amin'ireo ezaka rehetra ho fitandroana sy fampiroboroboana ny fandriam-pahalemana sy ny fiarovana, ary ny filana ny

fampitomboana ny andraikitra tànan'izy ireo eo amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny fisorohana sy fandravonana disadisa,

Manamafy indray ihany koa fa ilaina ny fampiharana tanteraka ny lalàna iraisam-pirenena fiarovana ny maha-olona sy ny zon'olombelona izay miaro ny zon'ny vehivavy sy ny zazavavy mandritra sy aorian'ny disadisa,

Manindry fa ilaina ny hiantohan'ny mpifanandrina rehetra fa ny fandaharana mikasika ny fanaisorana ny vanja milevina sy fampahafantarana momba ny fisian'ny vanja milevina dia mihevitra manokana ny zavatra ilain'ny vehivavy sy ny zazavavy,

Manaiky fa ilaina maika ny fampidirana ny fomba fijery miahy ny fahasamihafan'ny lehilahy sy ny vehivavy any anatin'ireo hetsika fitandroana ny fandriam-pahalemana, ary noho izany, *manamarika* ny Fanambarana tany Windhoek sy ny Laminasa tany Namibia momba ny fampidirana ny fomba fijery miahy ny fahasamihafan'ny lehilahy sy ny vehivavy any anatin'ireo lamina mahakasika sehatra maro ho fanohanana ny fandriam-pahalemana (S/2000/693),

Manaiky ihany koa ny maha-zava-dehibe ny tolo-kevitra voarakitra ao amin'ny fanambarana nataon'ny Filohany nanoloana ny mpanao gazety ny 8 Martsa 2000, mikasika ny fiofanana manokana ho an'ny tompon'andraikitry ny fitandroana ny fandriam-pahalemana rehetra momba ny fiarovana, ny zavatra ilain'ny olona manokana sy ny zon'olombelon'ny vehivavy sy ny ankizy mandritra ny disadisa,

Manaiky fa ny fahatakarana ny vokatry ny disadisa mitam-piadiana eo amin'ny vehivavy sy ny zazavavy, ny fifandaminana mahomby eo amin'ny samy andrim-panjakana hiantohana ny fiarovana azy ireny sy ny fandraisana anjara feno eo amin'ny lamina ho an'ny fandriam-pahalemana dia mety hanampy betsaka amin'ny fitandroana sy fampiroboroboana ny fandriam-pahalemana sy fiarovana iraisam-pirenena,

Manamarika fa ilaina ny fandravonana ireo antontam-baovao momba ny vokatry ny disadisa mitam-piadiana eo amin'ny vehivavy sy ny zazavavy, dia

1. *Manainga* ny Firenena Mpikambana hiantoka fa hitombo ny isan'ny solon-tenan'ny vehivavy eo amin'ny sehatra fandraisana fanapahan-kevitra rehetra isaky ny firenena, faritra ary ireo sampanasa sy rafitra iraisam-pirenena ho fisorohana, fitantanana ary fandravonana disadisa;

2. *Mampirisika* ny Sekretera Jeneraly hampihatra ny lamina sy paik'ady arak'asa ananany (A/49/587) izay miantso ny fampitomboana ny fandraisan'anjaran'ny vehivavy eo amin'ireo sehatra fandraisana fanapahan-kevitra eo amin'ny lamina fandravonana disadisa sy fandriam-pahalemana;

3. *Manainga* ny Sekretera Jeneraly hanendry vehivavy maro kokoa ho solon-tena sy iraka manokana hamita asa amin'ny anarany, ary *manainga* arak'izany ny Firenena Mpikambana handefa anarana any amin'ny Sekretera Jeneraly mba hampidirina ao amin'ny lisitry ny solon-tenany izay havaozina tsy tapaka;

4. *Manainga hatrany koa* ny Sekretera Jeneraly hikatsaka ny hanitarana ny andraikitra sy fandraisana anjaran'ny vehivavy eo amin'ireo lahasa isaky ny firenena tontosain'ny Firenena Mikambana, indrindra any anivon'ireo miaramila mpanara-maso, polisy sivily, tompon'andraikitra misahana ny zon'olombelona sy fiarovana ny maha-olona;

5. *Manambara* ny fahavononany hampiditra ny fomba fijery miahy ny fahasamihafan'ny lehilahy sy ny vehivavy eo amin'ny lamina fitandroana ny fandriam-pahalemana, ary *manainga* ny Sekretera Jeneraly hanao izay ahazoana antoka, rehefa ilaina, fa tafiditra ao amin'ny fomba famitana asa ny fiahiana ny fahasamihafan'ny lehilahy sy ny vehivavy;

6. *Miangavy* ny Sekretera Jeneraly hanome torolàlana sy fitaofana fanofanana ho an'ny Firenena Mpikambana momba ny fiarovana, ny zo ary ny zavatra ilain'ny vehivavy manokana, sy momba ny maha-zava-dehibe ny fampandraisana anjara ny vehivavy eo amin'ireo fepetra rehetra ho fitandroana ny fandriam-pahalemana sy fampiroboroboana ny fandriam-pahalemana, *miantso* ny Firenena Mpikambana hampiditra ireo singa ireo, sy ny fiofanana momba ny fanairana ny sain'ny besinimaro momba ny VIH/SIDA ao amin'ireo fandaharana isam-pirenena ho an'ny tompon'andraikitra miaramila sy polisy rehefa miomana hamita iraka; ary *miangavy hatrany* ny Sekretera Jeneraly mba hiantoka fa hahazo fiofanana toa izany koa ireo tompon'andraikitra sivily misahana ny fitandroana ny fandriam-pahalemana;

7. *Manainga* ny Firenena Mpikambana hampitombo ny fanohanana an-tsitrapo atolony ara-bola, ara-teknika ary ara-pitaovana ho an'ireo ezaka fiofanana miahy ny fahasamihafan'ny lehilahy sy ny vehivavy, anisan'izany ireo tontosain'ny tahirim-bola sy fandaharanasa voakasik'izany, ankoatry ny fandaharana hafa, ny Tahirin'ny Firenena Mikambana ho an'ny Vehivavy sy ny Tahirin'ny Firenena Mikambana ho an'ny Ankizy; ary ireo tontosain'ny Biraon'ny Firenena Mikambana misahana ny Mpitsoa-ponenana sy ireo sampan'asa hafa voakasik'izany;

8. *Miantso* ny mpandray anjara rehetra voakasika, eo am-pifandaminana sy fampiharana ny fifanarahana momba ny fandriam-pahalemana, hanaiky ny fomba fijery miahy ny fahasamihafan'ny lehilahy sy ny vehivavy, toa ireto santionany tanisaina manaraka ireto:

(a) Ny zavatra ilain'ny vehivavy sy ny zazavavy manokana mandritra ny fampodiana azy ireo any an-tanindrazany sy famerenana azy any anivon'ny fiaraha-monina ary ho an'ny famerenana amin'ny laoniny ny fiainany, fiverenany eo amin'ny tontolony ary ny fanarenana aorian'ny disadisa;

(b) Fepetra ho fanohanana ny hetsika karakarain'ny vehivavy isan-tanàna ho an'ny fandriam-pahalemana sy ny lamina isaky ny firenena ho fandravonana disadisa, izay mampandray anjara ny vehivavy eo amin'ny lamina fampiharana ireo fifanarahana rehetra momba ny fandriam-pahalemana;

(c) Fepetra izay miantoka ny fiarovana ny sy fanajana ny zon'olombelon'ny vehivavy sy ny zazavavy, indrindra mikasika ny lalàm-panorenana, ny rafi-pifidianana, ny polisy ary ny fitsarana;

9. *Miantso* ny mpifanandrina rehetra amin'ny disadisa mitam-piadiana hanaja tanteraka ireo lalàna iraisam-pirenena manan-kery momba ny zo sy ny fiarovana ny vehivavy sy ny zazavavy, indrindra amin'ny maha-sivily azy ireo, indrindra ny fepetra tsy maintsy arahina momba azy ireo araka ny voalazan'ny Fifanarahana tany Genève tamin'ny taona 1949 sy ny Fifanarahana Fanampiny vita sonia tamin'ny taona 1977, ny Fifanekena momba ny Mpitsoa-ponenana tamin'ny taona 1951 sy ny Fifanekena fanampiny vita sonia tamin'ny taona 1967, ny Fifanekena momba ny Famongorana ny Endrika isehoan'ny Fanavakavahana ny Vehivavy tamin'ny taona 1979 sy ny Fifanarahana Fanampiny vita sonia tamin'ny taona 1999 sy ny Fifaneken'ny Firenena Mikambana momba ny zon'ny Ankizy tamin'ny taona 1989 sy ireo Fifanarahana Fanampiny azo ampiharina miisa roa vita sonia ny 25 May 2000, ary hahatsiaro ireo andalana voakasika ao amin'ny Sata nosoniavina tao Rome momba ny Fitsarana Ady Heloka Iraisam-pirenena;

10. *Miantso* ny mpifanandrina rehetra amin'ny disadisa mitam-piadiana handray fepetra manokana hiarovana ny vehivavy sy ny zazavavy amin'ny herisetra miankina amin'ny fahasamihafan'ny lehilahy sy ny vehivavy, indrindra ny fanolanana sy ny endrika hafa isehoan'ny fanambakana ara-piraisana ara-nofo, sy ny endrika hafa rehetra isehoan'ny herisetra mandritra ny disadisa mitam-piadiana;

11. *Manindry* fa andraikitry ny Firenena rehetra ny mampitsahatra ny tsimatimanota sy manenjika araka ny lalàna ireo nahavanona fandripahana olona, heloka amin'ny maha-olombelona ary heloka bevava mandritra ny ady, anisan'izany ireo mikasika ny herisetra ara-piraisana ara-nofo sy ny herisetra hafa mianjady amin'ny vehivavy sy ny zazavavy, ary *manindry* arak'izany fa ilaina ny manala ireo heloka bevava ireo, raha azo atao, tsy ho anisan'ireo ahazoana famotsoran-keloka;

12. *Miantso* ny mpifanandrina rehetra amin'ny disadisa mitam-piadiana hanaja ny toerana maha- sivily sy iarovana ny maha-olona amin'ny toby sy faritra fonenan'ny mpitsoa-ponenana, ary hijery akaiky ny zavatra ilain'ny vehivavy sy ny zazavavy manokana, anisan'izany eo am-pandrafetana ny toby toa izany, ary mahatsiahy ireo fanapahan-kevitra laharana faha-1208 (1998) noraisiny tamin'ny 19 Novambra 1998 sy faha-1296 (2000) noraisiny ny 19 Aprily 2000;

13. *Mampirisika* ireo rehetra nandray anjara tamin'ny fandaminana ny fisintonana ny fitaovam-piadiana, fandravana tafika ary famerenana azy ireny eny amin'ny tontolony, mba hijery manokana ny zavatra manokana ilain'ireo lehilahy sy vehivavy avy nitam-piadiana, ary hisahana ny zavatra ilain'ireo olona miankin-doha amin'izy ireo;

14. *Manamafy* indray ny fahavononany, na oviana na oviana andraisana fepetra araka ny Andininyfaha-41 amin'ny Satan'ny Firenena Mikambana, hijery akaiky ny mety ho vokatra entiny eo amin'ny mponina sivily, tsy hadino ny zavatra ilain'ny vehivavy sy ny zazavavy manokana, mba hijerena izay fepetra manokana tokony horaisina ho fiarovana ny maha-olona;

15. *Manambara* ny fahavononany hiantoka fa voajery manokana mandritra ny iraka ampanaovin'ny Filan-kevitry ny Fiarovana ny fahasamihafan'ny lehilahy sy ny vehivavy sy ny zon'ny vehivavy, anisan'ny fomba hahatongavana amin'izany ny fifampidinihana amin'ireo vondrona isaky ny firenena na iraisam-pirenena ho an'ny vehivavy;

16. *Manasa ny* Sekretera Jeneraly hanao fanadihadiana momba ny vokatry ny disadisa mitam-piadiana eo amin'ny vehivavy sy ny zazavavy, ny anjara andraikitry ny vehivavy eo amin'ny fanamafisana orina ny fandriam-pahalemana sy ny fiahiana ny fahasamihafan'ny lehilahy sy ny vehivavy eo amin'ny lamina ho an'ny fandriam-pahalemana sy ny fandravonana disadisa, ary *miantso* azy *hatrany* handefa tatitra any amin'ny Filan-kevitry ny Fiarovana momba ny vokatr'izany fanadihadiana izany sy hampita izany any amin'reo Firenena Mpikambana ato amin'ny Firenena Mikambana;

17. *Miangavy ny* Sekretera Jeneraly, hampiditra ao amin'ny tatitra alefany any amin'ny Filan-kevitry ny Fiarovana, rehefa ilaina, ny fivoaran'ny fampidirana ny fiahiana ny fahasamihafan'ny lehilahy sy ny vehivavy any anivon'ireo iraka ho fitandroana ny fandriam-pahalemana sy ny sehatra hafa rehetra mahakasika ny vehivavy sy ny zazavavy;

18. *Manapa-kevitra* hanaraka akaiky ny fivoaran'ny toe-draharaha mikasika ity lohahevitra ity.